Juin 2012 - n°22 - Isaky ny telo volana

# NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

## La Voix des (rizi)pisciculteurs

LVRP

Trimestrielle

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Tonga izao ny fotoam-pijinjana ! Rehefa avy nanatavy trondro an-tanimbary sy an-dobo farafahakeliny telo volana ireo mpiompy trondro dia mioty ny vokatry ny ezaka nataony. Mahafaly anay àry ny manolotra anareo izao laharana faha-roa amby roampolo izao. Milazalaza amintsika ny fahafinaretan'ireo mpamokatra mpiompy trondro mandritra ny fotoam-pijinjana sy ireo asa aterak'izany ny gazety ato, tahaka ny famarotana ohatra.

Ho an'ity telo volana manaraka ity dia mahafaly anay ny maneho aminareo ny resadresaka nifanaovana tamin'Andriamatoa RAHARISEDY Aurélien, Talem-partitry ny jono sy ny harena anaty rano. Hanome ny heviny izy ny amin'ny vokatry ny tsindry atao amin'ny farihy sy ny fahitany ny fivoaran'ny fiompiana karpa ao amin'ny faritra iadidiany. Ho fantarintsika ao amin'ny pejin'ny « Mizara » koa ny momban'ny trondro troatisy izay mety hanana andraikitra lehibe eo amin'ny fiompiana tilapia. Nahatonga vaovao ihany koa ny faritra Atsinanana, Analamanga sy Vakinankaratra mameno ireo voalaza ireo.

Mazotoa mamaky !

*Ny ekipa LVRP*


## EDITORIAL

Chers amis lecteurs,

Voici venu le temps des récoltes ! Après au moins trois mois de grossissement des poissons en rizière ou en étang, les étales des marchés offrent aux consommateurs le fruit des efforts des pisciculteurs. Nous sommes ravis de vous présenter ce vingt-deuxième numéro qui parle notamment de la joie des récoltes ainsi que des activités qui en découlent, telle la commercialisation. Pour ce trimestre, nous avons le plaisir de vous présenter l'interview de Monsieur RAHARISEDY Aurélien, Directeur régional de la Pêche et des Ressources Halieutiques. Il nous présente son point de vue sur la gestion des pressions liées à l'environnement aquatique, ainsi que son ressenti sur la pisciculture de la carpe. En ce qui concerne l'élevage du tilapia, nous allons pouvoir découvrir dans la page « Partage » que l'hétérotis est une espèce pouvant jouer un rôle important. Quelques brèves sur les actualités de ces derniers jours dans les régions Atsinanana, Analamanga et Vakinankaratra viennent également enrichir nos pages.

Bonne lecture à tous !

*La Rédaction LVRP*




## SOMMAIRE

• **INTERVIEW : M. RAHARISEDY Aurélien** **P. 2**
• **PARTAGE : Heterotis : une espece prometteuse P. 3**
• **COMPRENDRE ET ANTICIPER :**
**Compte d'exploitation simple** **P. 4**
• **EVENEMENT : Journée mondiale de l'environnement P. 8**
• **TEMOIGNAGE :**
**Collecte de poisson: activite génératrice de revenu P. 10**

## LES PARTENAIRES FINANCIERS

Projet BVPI/SEHP
AFD
La Fondation Air Liquide
Région Basse Normandie
Région AQUITAINE
La Fondation AnBer

Toerana fanontana : creacom - Tél : 44 498 45 - Ambohimena Antsirabe - Natonta ny : jiona 2012 - 1 100 isa - 1 100 exemplaires - Voapetraka ara-dalàna : jiona 2012

# NY HEVITRAO ?

*Marina fa isan'ny seha-pihariana tena mampidi-bola ho an'ny tantsaha eny na ho an'ny Mpandraharaha tokoa ny trondro. Kanefa raha tsy voatrandraka ara-dalàna sy am-pahamendrehana dia mazava fa hisy fiantraikany eo amin'ny tontolo iainan'ny hazan-drano.*



Tsy zoviana amin'ny tontolon'ny asa fiadidiana ny fiompiana trondro eto Madagasikara raha I Andriamatoa RAHARISEDY Aurélien. Nandalina ny harena anaty rano izy sy ny soritr'aretina mety mahazo ny hazan-drano. Tao anatin'ny 20 taona dia tsy nitsahatra nivoatra ny andraikiny satria talem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano izy ankehitriny ao amin'ny Faritr'i Matsiatra Ambony. Isaoran'ny gazety ny fandraisany anjara anio izay hanamafisany fa zava-dehibe loatra ny fitsinjovana ny hoavin'ny trondro. Tsindriany manokana ny asa fikolokoloana efa miantomboka amin'ny alalan'ny ny fanamaroana isa ny FIAMANGA.

**LVRP : Miandraikitra ny fiompiana trondro sy ny jono ianao. Manahy kokoa ianao ny amin'ny jono sy ny tontolo voa-janahary. Azo fantarina ve Tompoko ny antony?**

Raha diso be loatra tokoa ny tsindry atao amin'ny renirano iray, ohatra amin'izany ny fahamaroan'ny Mpanjono na ny Mpanarato mihoatra ny tokony ho zakan'ilay renirano dia hihena tsikelikely ny vokatra trondro. Ary tsy vitan'izany fa mety hisy karazan-trondro atahorana tsy ho hita intsony. Isan'ny tsindry hita matetika koa ny fampiasana fitaovana tsy manara-penitra: fampiasana mason-karato tsy ara-dalana ka na ny zana-trondro dia mety voafoaka avokoa.
Ankoatr'ireo dia mety hisy fiantraikany ratsy koa indrindra ho an'ny atodi-trondro ireo vokatra simika isan-kazany izay mivarina any anaty renirano ka mamono ny atody trondro ary mazava loatra fa hampihena ny isan'ny trondro ao anaty rano.
Ny fampidirana karazan-trondro tsy ara-dalàna ary tsy voafehy dia miteraka fahavoazana eo amin'ny tontolo iainan'ny hazan-drano ka ampihena ireo karazana hazan-drano manana ny lanjany ara-ekonomika. Maro tokoa ny tsindry mety ho hita nefa ireo voalaza etsy ambony ireo no isan'ny miteraka fahavoazana ho an'ny tontolo iainan'ny trondro ary mitarika fahavoazana ho an'ny Tantsaha na ny Mpandraharaha Mpitrandraka.

**LVRP : Misy ve ny vahaolana?**

Ho an'ny Faritra Matsiatra Ambony ao amin'ny Distrikan'I Ambalavao dia misy ilay karazana tilapia atao hoe Fiamanga sy ny Fiandahy. Samy Tilapia mety ho vaventy ireo nefa ankehitriny dia tena tsy ahitana azy firy intsony amin'ny Reniranon'i Mananantanana sy Zomandao. Ary na eny an-tsena aza dia tsy ahitana azy ireo intsony.
Tena efa ho lany taranaka ireo karazana hazan-drano ireo. Nandray ny andraikitra izahay ato amin'ny Foiben'ny Jono eto Matsiatra Ambony ka nisy ny fiaraha-miasa natao tamin'ny Fikambanana APMM izay misehatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Araka izany dia natao ny fampitomboana ny Fiamanga, ka amin'izao fiantombohany izao dia Mpamokatra zana-trondro miisa folo ao amin'ny Disitrik'Ambalavao no nomena fiofanana manokana hampiteraka io karazan-trondro io. Amin'izao fotoana izao dia zana-trondro FIAMANGA miisa 800 no efa vokatra. Marina fa mbola fanombohany ihany izao nefa hita sahady fa nahitana fahombiazana. Marihana fa mbola ampitombona ny isan'ny Mpamokatra azy io ka tsy maintsy omenay dorian'io karazan-trondro io ka hanao ny fampiterahana azy ary mazava loatra fa tsy maintsy atao koa ny FANDROTSAHANA NY ZANA-TRONDRO FIAMANGA amin'ny Reniranon'ny Zomandao sy Mananantanana mba tsy ho lany taranaka ireo karazan-trondro ireo.

**LVRP: Ary manao ahoana, Tompoko, ny hevitrao momban'ny fiompiana?**
Ho an'ny fiompiana trondro dia tena afa-po amin'ny vokatra misy aho satria raha 40 no isan'ny mpamokatra zana-trondro karpa ato amin'ny Faritra Matsiatra, Mania ary Manakara tamin'ny taona 1995. Efa manenika ny 110 izany ankehitriny ho an'I Matsiatra fotsiny.
Mila ampitomboina hatrany anefa ny fatran'ny trondro fihinana. Noho izany, tohizana ny fanamaroana isa ireo mpamokatra zana-trondro.
Izay aloha no vaovao sy toromarika azo atolotra antsika mpisehatra rehetra fa dia mirary antsika samy hikajy sy hikolo ny tontolo iainan'ny hazan-drano ny tenako .

# INTERVIEW

*La filière poisson est une filière porteuse pour les paysans et les autres acteurs piscicoles. Mais si l'exploitation est irrégulière ou non respectée, cela entraine un effet négatif dans le milieu aquatique.*

Doté d'un Master en ichtyologie et ichtyopathologie, Monsieur RAHARISEDY Aurélien est un personnage indéniablement reconnu de l'administration de la pêche et dans la pisciculture malgache, notamment dans la Région de la Haute Matsiatra où il exerce actuellement. En 20 ans, il est passé du titre de collaborateur technique au statut de directeur régional de la pêche et des ressources halieutiques. Dans ce numéro, il nous fait l'honneur d'exprimer son point de vue concernant le secteur de la pêche, et notamment sur les risques de la forte pression exercée sur la richesse aquatique. Il évoque particulièrement l'empoissonnement du FIAMANGA comme début d'action de préservation.

**LVRP : Vous êtes en charge du secteur de la pêche et de la pisciculture. Le milieu naturel vous préoccupe particulièrement en ce moment. Quelle sorte de menace pèse-t-il qui justifie votre inquiétude ?**

L'excès de la pression d'une rivière par exemple, le surnombre de pêcheurs entraine la baisse de la production naturelle. Parmi les autres formes de pressions, on peut citer l'utilisation des filets à grosse maille ou non réglementés qui ramasse tous jusqu'aux alevins.
En outre, l'écoulement des produits chimiques dans la rivière provoque la mortalité des œufs. Ce qui explique la diminution des produits halieutiques.
L'introduction irrégulière des espèces non maîtrisées entraine un danger dans la vie aquatique et diminue le nombre des espèces économiques. Plusieurs pressions peuvent être aperçues mais les plus évidents sont les deux citées plus haut qui entraine des inconvénients pour les paysans et les autres acteurs.

**LVRP : Quelle solution alors faut-il prendre ?**

En ce qui concerne la Région de la Haute Matsiatra, au niveau du District d'Ambalavao, deux espèces de Tilapia : Fiamanga et Fiandahy sont menacées de disparition dans les fleuves de Zomandao et de Manarantanana et on n'en trouve plus dans le marché.
La Direction Régionale de la Pêche de Matsiatra ambony a pris l'initiative de travailler avec l' APMM ou Association de la Population de Montaigne du Monde qui œuvre à la préservation de l'environnement. Ainsi, on a procédé à la reproduction de Fiamanga. Dix alevineurs de Tilapia de ce District ont commencé la reproduction de cette espèce. Ils ont déjà produit 800 alevins en ce moment. Ce n'est que le début qu'on constate déjà un résultat concret. Nous remarquons que nous avons l'intention d'augmenter le nombre de ces alevineurs et leur distribuer des souches pures. Il sera claire de repeupler les fleuves comme Zomandao et les rivières, telle Mananantanana pour éviter la disparition totale.

**LVRP: Et quelle est votre avis sur la pisciculture dans votre Région ?**

Je suis très satisfait du résultat actuel car il y avait une trentaine à quarantaine de producteurs d'alevins en tout sur Matsiatra, Mania et Manakara en 1995. Maintenant, le nombre augmente jusqu'à 110 dans la Région de Matsitra seulement.
Il faut continuer la politique de mettre en place plusieurs alevineurs dans le but d'augmenter les poissons marchands.
Voilà donc les informations et les conseils que je peux fournir aux acteurs concernés. En vous souhaitant de préserver et d'entretenir le biotope eau.

ATSINANANA

## TROATISY: KARAZAN-TRONDRO MAHA-VELOM-PANANTENANA

## HETEROTIS: UNE ESPECE PROMETTEUSE

*Romain Chanoine*
*Stagiaire APDRA Pisciculture paysanne à Tamatave*
*Master 2 « Bioressources Aquatiques en Environnement Méditerranéen et Tropical »*
*Université Montpellier 2*

Ny Troatisy dia trondro avy any Afrika ary nampidirina manokana teto Madagasikara tamin'ny taona 1950 mba hampiroborobo ny jono sy ny fiompiana trondro. Ara-tsiantifika dia *Heterotis niloticus* no anarany. Ao anaty rano milamina feno zava-maniry izy no miaina matetika ary mety mahatratra hatramin'ny 10kg ny lanjany ary 1m ny halavany.

Io karazana trondro io dia tena mety amin'ny fiompiana trondro anaty dobo. Ny Troatisy dia mitombo haingana tokoa. Ao anaty rano miandrona izy no miaina ary tsy manelingelina azy velively ny rano somary mamotaka.

Afaka miaina tsara ny oksizenan'ny rivotra izy amin'ny alalana taovampisefoana faharoa izay ankoatra ny taova fampidiran-drivotra efa ananany. Noho izany dia tsy velona raha tsy ao anaty rano mafana izy io, izany hoe tsy afaka ompiana any afovoan-tany.

Ireo biby kely tsy hita maso, ny zavamaniry tsy hita maso ao anaty rano, izay mitombo arakaraka ny vokatra ara-boajanaharin'ilay toerana no sakafony. Io fomba fisakafoanana io dia tena tsara ho azy sady tsy mitovy amin'ny an'ny Tilapia. Tsy mitovy ny sakafo ho an'ireo karazan-trondro ireo, noho izany dia tsy mifaninana amin'ny fitadiavankanina izy ireo. Afaka ampiarahina tsara ny famokarana Troatisy sy ny Tilapia sady ny fisiany dia mampitombo mihoatra ny 30% ny vokatry ny dobo amin'ny fiompiana mifangaro. Ambany dia ambany ny tahan'ny isan-trondro atao anatin'ny dobo amin'io karazan-trondro io, izay trondro iray isaky ny ara. Mihoatra ny 1,5kg ny lanjany ao aorian'ny fotoana fanatavizana izay maharitra enim-bolana. Ny vokatry ny Troatisy izany dia mahatratra hatramin'ny 150kg/ha/taona. Ankoatran'ny faha roa taonany no tonga amin'ny fahatomombanana ara-pananahana izy. Ireo trondro ireo dia miaraka lahy sy vavy amin'ny fanamboarana toerana iray hametrahana ny atody sy hiambenany ireo zanany.

Efa nisy ny iraka izay notanterahin'ny APDRA tany amin'ny lakandranon'ny Pangalana mba hijerena ny fahafahana misambotra renitrondro Troatisy. Ny mampalahelo dia efa tena vitsy izy io noho ny fanjonoana tsy voafetra ka maha-sarotra ny fahazoana azy amin'iny toerana iny. Misy ihany koa ny iraka izay omanina ho any Mahajanga izay antenanina fa mbola hahitana betsaka an'io trondro io.
Manantena izahay mba hahazo renin-trondro haingana mba ahafahana mampanaranaka hapariitaka eny amin'ny mpiompin'ny Faritra Atsinanana.



L'Heterotis est un poisson originaire d'Afrique qui a été importé à Madagascar pour développer la pêche et la pisciculture au début des années 1950. Son nom scientifique est Heterotis niloticus. Il vit dans des eaux calmes encombrés de végétation et peut atteindre 10kg pour 1m de long.

Cette espèce est parfaitement adaptée à la pisciculture en étang. En effet, l'Heterotis a une forte croissance, il vit dans des eaux stagnantes, il n'est pas gêné par une forte turbidité de l'eau, il est résistant aux manipulations et il est capable de respirer l'oxygène de l'air grâce à un second organe respiratoire en plus des branchies. Par contre il ne vit que dans les eaux chaudes et ne pourra donc pas être élevé sur les hauts plateaux Malgaches.

Cette espèce est planctonophage, elle se nourrit de microorganismes présents dans l'eau qui se développent grâce à la productivité naturelle du milieu, celle-ci peut-être augmentée en étang par la fertilisation. Ce régime alimentaire est très intéressant et est différent de celui du tilapia. Ces espèces ne mangent pas la même chose, elles ne sont donc pas en concurrence pour l'accès à la nourriture. La production d'Heterotis vient donc s'ajouter à celle du tilapia, elle peut augmenter la productivité de l'étang de plus de 30 % en polyculture. La densité d'empoissonnement de cette espèce est faible, de l'ordre de 1 poisson par are, leur poids après un cycle de grossissement de 6 mois est supérieur à 1,5Kg. Le rendement en Heterotis est donc supérieur à 150 Kg / ha / an.

L'obtention de la reproduction est un peu technique. La maturation sexuelle arrive à l'âge de 2 ans. Ces poissons forment des couples qui vont construire un nid pour déposer leurs œufs et surveiller leurs alevins. Il faut simuler une crue dans un étang dédié à leur reproduction pour déclencher la ponte. C'est un véritable savoir faire à acquérir, qui demande une parfaite maîtrise de l'eau et une bonne connaissance du cycle de reproduction de l'espèce.

Une mission a déjà été réalisée par l'APDRA sur le canal des Pangalanes pour y évaluer les possibilités de capture de géniteurs. Malheureusement cette espèce y est devenue rare à cause de la surpêche et il sera difficile de la capturer à cet endroit. Une nouvelle mission est prévue en direction de Majunga où l'Heterotis serait encore abondant.

Nous espérons avoir rapidement des géniteurs pour obtenir des reproductions et mettre des alevins à disposition de tous les pisciculteurs de la Région Atsinanana.

**MATSIATRA AMBONY**

## NY FAHAFAHA-MAMOKATRY NY TOERAMPIOMPIANA

*Madame RAZAFINDRAVAO Noeline*
*Mpiompy trondro- Piscicultrice*

*Kajikajy tsotsotra nefa tena ilaina no zarain-dRahary amintsika etoana ary voafintina amin'ny tabilao etsy ambany. Renim-piana-kaviana mpikambana ao amin'ny Fivoarana kaoperativa MVPT, monina ao amin'ny Fokontany Mahavanona Kaominin'Andoharanomaintso izy no manentana etoana ny mpikambana hisahana ny fiompiana trondro.*

Teo amin'ny fahatanorany dia efa niompy trondro izy mivady fa mbola mpanatavy fotsiny ihany. Noho ny faniriany hamokatra zanatrondro sy ho lasa lavitra kokoa dia nanaraka fiofanana tamin'ny APDRA izy. Nandray an-tanana ny fikarakarana ny reni-trondro, ny fampiterahana I Rahary satria manana andraikitra lehibe eo anivon'ny fikambanana ny vadiny.

Sarotra hoy izy ny manoratra *«nefa miezaka aho ny mandray naoty ireo zavatra ataoko mba tsy hahavery ahy ka ahafahako manombana ny asa ataoko.Tamin'ity taona ity dia nampiditra trondro 1000 tao anaty dobo mahatratra 75 ara, ka trondro 600 milanja 170 kg no azoko, nanomezako ny mpikambana sy nivarotana teto an-toerana ary nitondrana 150 kg tamin'ny foaran'ny MPE tany Nanisana Antananarivo ny 16 ka hatramin'ny 20 may 2012. Nahazoana lelavola mitentina 1 083 000 ar izany ialan'ny fandaniana rehetra araka ny tabilao etsy ambany. Nahafahanay nividy "batterie sy convertisseur" izany ka nampidirana jiro ato aminay. Amin'izao fotoanan'ny asotry izao dia hividianako vary hampiasaina amin'ny fotoan'ny havaratana ny ampahany amin'io tombony io.*

*Tsara ny fiompiana trondro satria ny fikarakarana ny zanatrondro amin'ny fampidirana azy voalohany ihany no tena mitaky asa sy mila ezaka. Afaka arindra ny fikarakarana ambiny sady azo antoka ny tsena.*
*Amporisihiko ny vehivavy namako, hiompy trondro fa asa mahavelona io no sady mety amintsika.»*

## LA CAPACITE DE PRODUCTION D'UNE PARCELLE

*Un mode de calcul simple mais très utile que Rahary nous partage ci-après et récapitulé ci-dessous. Mère de famille et membre de l'association Fivoarana coopérative MVPT, elle habite Mahavanona dans la commune d'Andoharanomaintso et sensibilise les membres à faire la pisciculture.*

Rahary avec son géniteur femelle de 2 ans



Pisciculteur dès leurs jeunes âges, avec son époux, en achetant des alevins. Souhaitant être producteur et d'être professionnelle, elle a suivi des sessions de formation avec l'APDRA. Elle a pris l'initiative de s'occuper de la reproduction, vu la responsabilité de son mari au sein de la coopérative.

C'est difficile de tout enregistrer à –t-elle dit, *«mais je faisais des efforts d'en prendre note pour ne pas se perdre et que nous puissions faire des bilans de notre activités. Cette année, nous avons introduit, disait –elle, 1000 alevins dans un étang ayant une surface de 75 ares, pour la récolte ce mois de mai nous avons collecté 600 carpillons pesant 170 kg, certaines quantités sont vendues sur place et distribuées auprès des membres de l'association. 150 kg sont emportés à la foire de la MPE qui à eu lieu à Nanisana Antananarivo du 16 au 20 mai 2012. Nous avons pu gagner 1 083 000 ar hormis les dépenses détaillées ci-dessous. Elle nous a permis d'acheter une batterie, un convertisseur, et des lampes qui nous serviront d'éclairage. C'est la récolte, dont une partie de cette somme nous servira à faire un peu de collecte de riz que je puisse revendre ou que je puisse subvenir en période de soudure.*

*La pisciculture est une filière porteuse, de plus le débouché est encore vaste. L'activité exige vraiment d'effort à l'introduction des alevins mais nous pouvons nous organiser du temps suivant notre disponibilité. J'incite les femmes à faire la pisciculture car elle est rentable et elle nous convient.»*

| | **Fandaniana na vola mivoaka** *(Dépenses)* | **Vola miditra** *(Recettes)* |
|---|---|---|
| | **Fikarakarana ny dobo** *(Entretien de l'etang)*: 20 000 ar<br>**Fiambenana alohany ho any Antananarivo** *(Gardiennages)* **:** 10 000 ar<br>**Sakafon'ny Zanatrondro** *(Alimentation des alevins)* **:** 30 000 ar<br>**Sakafo** *(Alimentation)* **:** 21 000 ar<br>**Sarandalana** (Frais)**:** 36 000 ar | **Vokatra efa niakatra** *(Récoltes)* **:**<br><br>**Namidy tamin'ny foira** *(Vendu au foire)* **:** 150kg*8000 = 1200000 ar<br><br>**Namidy teo an-tanana** *( Vendu localement )*: 8 kg* 5 000 = 40 000 ar |
| **Totaliny** *( Totaux)* | **117 000 ar** | **1 240 000 ar** |
| **TOMBONY** *(BENEFICES)* | = Vola miditra *(Recettes)* - Fandaniana *(Dépenses)* = **1 083 000 ar** | |

ITASY

## NY FITANTANANA NY FARIHIN'I MAHIATRONDRO

*RAKOTOZAINANDRASANA Mamy*
*Président Association AINGAVAO I*

*Ankoatra ny farihy lehibe izay mampalaza ny faritra, dia ahitana zana-drano maromaro toa an'Ilempo, Mangabe, Mandrevo, ary Mahiatrondro koa ao Itasy. Raha ny an'I Mahiatrondro manokana, dia horesahantsika eto ny momba azy miaraka amin'ny filohan'ny fikambanana AINGAVAO I mitantana azy.*

I Mahiatrondro

I Mahiatrondro dia farihy kely voajanahary iray aty amin'ny faritra Itasy, 06 km atsimon'Analavory no misy azy, miazo ny lalam-pirenena mankany Soavinandriana iny. Toeram-pitsangatsanganana mampalaza ny faritra izy raha ho an'ireo tia fialam-boly, nefa koa fidiram-bola ho an'andriamatoa Mamy sy ireo mpikambana miaraka aminy.

Ahitana karaza-trondro maromaro ao toy ny trondro gasy, tilapia, karpa, black bass, barahoa.

Hatramin'ny nijoroan'ny fikambanana tamin'ny taona 2004 ka hatramin'izao dia maro ireo mpiara-miombon'antoka niara-niasa taminy, izay mamatsy ara-pitaovana ny mpikambana, anisan'izany ny FAO, PSDR ary ny Land O'lakes.

Ny fikambanana AINGAVAO I

Miisa 15 lahy ny mpikambana ao anatiny, ary mizara 3 ny andraikitra sahaniny:

Fiompiana trondro: teny am-piandohana dia nitrandraka ny fiompiana trondro anaty fefy izy ireo. Fa noho ny tsy fandriampahalemana dia tsy maintsy naato izany.

Jono: Ny sata mifehy ny fikambanana dia napetraka mba hitantanana maharitra ny farihy, ialana amin'ny fahalanian'ny taranaka trondro. Ohatra amin'izany ny fifampifehezana amin'ny:

- Ora fanjonoana (maraina: 8 ora ka hatramin'ny 09 ora, hariva: 3 ora ka hatramin'ny 4 ora)
- Isan'ny mpikambana mahazo manjono ao anatin'ny fotoana iray: 2 na 3 raha be indrindra
- Ny fitaovana ampiasana: tsy maintsy manaraka ny lalanan'ny jono (mason'ny arato ampiasaina)

Ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny tombotsoan'ny mpikambana

Andraikitry ny fikambanana ny miaro ny sahan-driaka manodidina ny farihy, koa noho izany dia mandray anjara amin'ny fambolen-kazo eny amin'ny faritra ambony, mba isoroana ny fihotsahan'ny tany, mety hanototra an'I Mahiatrondro.

Afaka miantoka ny fiveloman'ny mpikambana tsara ny vokatra azony satria izy ireo ihany no afaka mitrandraka ao amin'io farihy io ary ny mpanjono iray dia mahazo trondro 5kg eo ho eo isan'andro.

Hafatra

"Misedra olana ny fikambanana ankehitriny ka voatery tsy maintsy niato. Miangavy ny fitondrana mahefa hanampy azy ahafahany manohy ny asa fivelomany."

"Mbola azo lazaina fa malalaka ny lalam-barotra eo amin'ny resaka trondro ankehitriny, koa manentana antsika rehetra mba hazoto hikarakara sy hiompy ary hanaraka ny toro-hevitra ara-teknika omen'ireo teknisianina, fa izay mahakolokolo manana ny soa."

## LA GESTION DU LAC MAHIATRONDRO

*A part le lac Itasy qui fait la réputation de la région, elle abrite d'autres petites étendues d'eau, telles que Ilempo, Mangabe, Mandrevo et Mahiatrondro.*

*Par le biais d'un interview, le Président de l'association AINGAVAO I, Monsieur Rakotozainandrasana Mamy,nous a expliqué le rôle de l'association dans la gestion du lac Mahiatrondro.*

Mahiatrondro

Se trouvant à 6 km au Sud d'Analavory, sur la route nationale menant vers Soavinandriana, le lac est un site touristique très attractif pour les visiteurs, mais aussi une source de revenu vitale pour l'association.

Actuellement, on y trouve 5 espèces de poissons consommables dont la carpe commune, le carassin, le black-bass, le tilapia zili et le tilapia nilotica.

Depuis sa création en 2004, divers partenaires ont approvisionné l'Association AINGAVAO I matériellement, comme le FAO, PSDR et Land O'lakes.

L'association AINGAVAO I

Constituée de 15 membres, l'association intervient sur 3 domaines bien définis :

La pisciculture en cage qui, suite à l'insécurité a été arrêtée.

La pêche : les règlements intérieurs doivent se baser sur la gestion durable des ressources, à titre d'exemple :

- Limitation des heures de pêche (matin : 08 à 09 heures, après-midi : 15- 16 heures)
- Limitation de l'effort de pêche (2 à 3 pêcheurs seulement peuvent pêcher simultanément)
- Les matériels utilisés doivent respecter les normes en vigueur (maillage du filet)



**M. Mamy raconte la vie de l'association au bord du lac Mahiatrondro**

La protection de l'environnement et le profit des membres

Les membres de l'association effectuent un reboisement en amont du lac pour limiter les phénomènes érosifs.

La production halieutique (environ 5Kg/ pêcheur/ jour) du Mahiatrondro peut assurer la survie des 15 familles, puisqu'elles sont les seules à exploiter le lac.

Message

«L'association rencontre des problèmes qui l'ont obligée à arrêter ses activités. Elle fait appel aux autorités locales pour pouvoir les reprendre.

Au niveau commercial et économique, la plate forme pisciculture est actuellement rentable. Alors il est dans l'intérêt de tout pisciculteur de suivre l'évolution des techniques pour améliorer la production.»

ATSINANANA

## IREO ZAVA-DOZA MANANONTANONA NY FIHARIAN-KARENA MAITSO

*Romain Chanoine*
*Stagiaire APDRA Pisciculture paysanne à Tamatave*
*Master 2 « Bioressources Aquatiques en Environnement Méditerranéen et Tropical »-Université Montpellier 2*

20 taona taorian'ny fihaonambe maneran-tany tao Rio ny taona 1992 no notanterahina ny kaoferansan'i Rio any Bresil tamin'ny faran'ny volana jona ka ny loha-hevitra dia ny "Fiharian-karena maitso". Ny fihaonam- ben'ny taona 1992 dia niompana tamin'ny fampandrosoana maharitra ka miankina indrindra amin'ny lafiny ara-tsosialy, ara-toe-karena ary ny tontolo iainana. Izany fihaonana izany dia tokony hamaly ny filàn'ny zanak'olombelona ankehitriny ary ihany koa ireo taranaka ho avy.

20 taona taty aorian'ny fihaonambe natao tany Rio dia maro ny tsy fahombiazana tsapa. Ny toe-karena no manapotika ny lafiny mahakasika ny sosialy sy ny tontolo iaianana. 1% ny olona maneran-tany no mihazona ny antsasa-maniln'ny harena misy eto amin'ny planeta. Ny fihanaky ny entona mitera-doza dia ambony lavitra noho izay novinavinaina tamin'ny 5 taona lasa, mety hiakatra ny 6°C ny tahan'ny hafanana ankapobeny amin'ny fiafaran'ity taonjato ity. Ny hafainganan'ny fahaHringanan'ireo karazan-java-boahary dia mihoatra ny arivo heny amin'ny tokony ho izy. Manoloana ireo tranga ireo, ny fihaonambe vaovaon'i Rio dia nanolotra ny "Fiharian-karena maitso". Izany dia mifototra kokoa amin'ny natiora izay mitondra ny anjara birikiny maimaim-poana : ny orana izay manondraka ireo voly, ny bibikely manampy amin'ny fitondrana ny vovombony…. Raha sainina ny mety ho sandan'ny voka-tsoa omen'ny natiora dia tokony voataona hiaro azy isika.
Vaha-olana marina ve ny mametraka ny natiora ho kirakiraina toy ny toe-bola izay niteraka ny krizy ara-bola ny taona 2008? Marina loatra, satria izany dia ahafahana mahita vola entina miaro ny natiora, kanefa mitaky ny fanefana izay tsy nisy takalony tany aloha.

Ohatra azo raisina, rehefa avy mamono bibikely amin'ny alalan'ny fanafody famonoana azy ireny dia tsy maintsy manafatra tranon-tantely mba ahafahana manatanteraka ny famindrana ny vovom-bony. Tranga misy izany ho an'ireo mpamboly paoma any Etazonia.
Ny mety vokany ho an'ireo mpiompy trondro sy ireo tantsaha maneran-tany dia tena loza be tokoa. Ny fifehezana ny fampiasana ny rano sy ny tany, ny tsy maintsy fandoavam-bola amin'ny fampiasana ireo masom-boly na ireo zana-trondro na dia ireo tantsaha ihany aza no miantoka ny fampiterahana azy. Tranga izay efa misy izany ho an'ny firenena maro ny amin'ny fampiasana ny masom-boly toy ny katsaka sy ny soja.
Noho izany dia tokony ho mailo ny rehetra manolona ireo zava-doza ireo.



## LES DANGERS DE L'ÉCONOMIE VERTE

20 ans après le sommet de la terre de Rio en 1992. La conférence de Rio de Janeiro au Brésil se tiendra fin juin avec pour thème principal « l'économie verte ». Le sommet de 1992 avait abouti au développement durable basé sur trois piliers : social, économique et environnemental. Il devait permettre de répondre aux besoins actuels des populations tout en permettant aux générations futures de répondre aux leurs.

20 ans après le sommet de Rio le constat d'échec est flagrant ! L'économie a écrasé les questions sociales et environnementales. 1% de la population mondiale détient la moitié de la richesse de la planète. Les émissions de gaz à effet de serre sont supérieures aux pires prévisions d'il y a 5 ans, nous pourrions atteindre plus de 6°C de réchauffement global d'ici la fin du siècle. La vitesse de disparition des espèces est 1000 fois supérieure à la vitesse normale.

Face à ce constat la nouvelle conférence de Rio propose « l'économie verte ». Elle se base sur le fait que la nature nous rend des services gratuitement : la pluie pour irriguer les cultures, les insectes pour la pollinisation... On suppose qu'en mettant un prix à ces services nous serions plus conscients de leurs bienfaits et donc prêts à les protéger. C'est une privatisation de tous les services de la nature qui est proposée.

Mais est-ce vraiment une solution que de confier la nature au système financier qui a provoqué la crise financière de 2008 ? Certes ce système pourra permettre de trouver de l'argent pour protéger la nature. Mais il obligera les gens à payer ce qui était gratuit auparavant. Par exemple après avoir tué tous les insectes avec les insecticides utilisés pour traiter les cultures, il faudra payer pour faire venir des ruches pour poloniser les cultures. C'est déjà le cas pour les pommiers aux Etats Unis !

Les conséquences pour les pisciculteurs comme pour les paysans du monde entier pourraient être terrible, restrictions des accès à la terre et à l'eau, obligation de payer pour utiliser des semences ou des alevins de poissons même si les paysans assurent eux même la reproduction. C'est déjà le cas dans de nombreux pays sur les semences de soja et de maïs.

C'est donc à tous les paysans du monde de rester vigilant face à ces nouveaux dangers.

IHOROMBE

## MIHAMAHAZO VAHANA NY FIOMPIANA KARPA AO IHOROMBE

*Rijaniaina Hajasoa Rémi*
Technicien FIMPIFI

*Fikambanana tantsaha vao tanora ny FIMPIFI ao Ihorombe. Mifanome tanana ny mpikambana hiroso amin'ny fiompiana karpa, seha-pamokarana iray ankafizin'ny mponina. Tamin'ny taona 2006 no nanomboka niompy karpa an-dobo ny fikambanana 2 taty amin'ny Faritr'Ihorombe (OP FIJETO na FIkambanana JEry TOdika Ambatolahy sy OP AINGAVAO Ranotsara).*

Mambran'ny FIFIMPIFI eo am-pakana ny trondro an-tanimbary



Noho ny fiaraha-miasa amin'ny FERT no namatsiana azy ireo zana-trondro miisa 200 avy any Ambalavao. Betsaka tao aorian'izay no liana tamin'ny fiompiana trondro ka nihamaro ny filàna zanaka karpa.

Natsangana àry ny FIMPIFI na ny Fikambanan'ny MPIteza FIa aty Ihorombe tamin'ny volana marsa 2011. Kaomina 14 no iasany ankehitriny, misy fikambanana 45 ao ary misy mpikambana 448 ka vehivavy ny 153 .

Indrisy anefa fa tsy afa-po ny mpikambana noho ny tsy fahampian'ny zana-trondro. Toerana 2 ihany no namokatra zana-trondro noho ny tsy fifehezana ny tekinika, Ny hamaroan'ny fahavalon-janatrondro, ny tsy fahampiana renitrondro sy lahin-trondro, toetrandro, rano tsy ara-dalàna, ….1108 ara ny velaran'ny toeram-mpiompiana trondron'ny FIMPIFI, ahitana dobo, tanimbary ary ranovory. Eo amin'ny 40 000 zanaka karpa eo ho eo no filàn'ny mpikambana nefa ny 25% an'io no voavaly. Efa miezaka mitady vahaolana ankehitriny ireo Filankevi-pitantanana sy ny ekipa tekinika FIMPIFI mba hisorohana ny tsy fahampiana zana-trondro amin' ny taona manaraka. Anisan'izany ny fampitomboana ny isan'ny toeram-pampiterahana. Ka hiara-misalahy aminy ireto mpiara-miombon'antoka ireto: Minagri, DRPRH Ihorombe, Fert, Fifata, Aropa, Apdra.

## L'EXTENSION DE L'ELEVAGE DE CARPES DANS LA REGION D'IHOROMBE

*FIMPIFI, une jeune organisation paysanne de la Région Ihorombe. Les membres se tiennent la main pour avancer ensemble au sein de cette filière attirante. Les organisations paysannes FIJETO ou FIkambanana JEry TOdika Ambatolahy et OP AINGAVAO Ranotsara ont commencé l'élevage de carpe en étang en 2006.*

Elles ont bénéficié 200 alevins de carpes venant du district d'Ambalavao grâce à la collaboration avec l'association FERT. Plusieurs paysans s'intéressaient sur la matière et les besoins se manifestaient de plus en plus suite à cette action.

Ces deux organisations paysannes FIJETO et AIGAVAO se sont fusionnaient en une l''organisation paysanne faîtière appelée FIMPIFI ou Fikambanan'ny MPIteza FIa de la Région Ihorombe au mois de mars 2011. Elle est composée de 45 OP de base ayant 448 membres dont 153 femmes, repartis dans 14 communes.

Au total, les membres disposaient de 1108 ares de surfaces piscicoles utilisables comme des étangs, rizières et lacs. Ces surfaces ont besoin de 40 000 alevins. Par contre, l'année dernière, les deux sites sur cinq qui ont réussi la reproduction n'ont pu fournir que les 25% de la demande des membres. Les autres membres sont déçus de cette situation. D'après l'évaluation, ce résultat insatisfaisant est lié à divers facteurs tels que la non maîtrise de la technique piscicole les prédateurs, la manque des géniteurs, l'aléa climatique et l'eau entre autre.

Les membres du CA et les équipes techniques de FIMPIFI cherchent actuellement des moyens afin de résoudre ces problèmes pour la prochaine campagne. L'augmentation du nombre de l'écloserie est parmi la décision prise. En outre, elle ouvre sa porte aux plusieurs partenaires à savoir Minagri, DRPRH Ihorombe, Fert, Fifata, Aropa, Apdra.

*Rijaniaina Hajasoa Rémi, Technicien FIMPIFI Ihorombe tél : 033 13 274 91*
*Razafindahy Narcisse, Le Président, tél : 033 01 633 72*

**ATSINANANA**

## ANDRO IRAISAM-PIRENENA HO AN'NY TONTOLO IAINANA

Ny MFG, Madagascar Fauna Group dia nankalaza ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tontolo iainana ny 03 jona 2012. Ny hetsika dia natao tao amin'ny valan-javaboary Ivoloina izay notronin'ny solotenan'ny biraom-paritry ny rano sy ny ala, ny manam-pahefana eo an-toerana, ireo mpiara-miombon'antoka anisan'izany ny APDRA Atsinanana, ireo fikambanana miaro ny tontolo iainana ary ireo mponina manodidina ny Valan-javaboahary. Tao amin'ny fandaharam-potoana dia nahitana kabary ofisialy, fandraisana anjara nataon'ireo vahiny nasaina (tononkalo sy vakodrazana mahakasika ny tontolo iainana), narahina fitsidihana ireo trano heva izay nandraisan'ny APDRA anjara, ireo kilalao maro isan-karazany ary ny fanolorana loka ireo izay nahazo tamin'ny fifaninana maro nokarakaraina.



Les explications lors de la visite des officiels

Ny loha-hevitra tamin'ity taona ity dia ny « Fiaharin-karena maintso : Anisan'izany ve ianao ? ». Ankoatran'ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny MFG, nandray anjara tamin'ny trano fampirantiana ny APDRA Atsinanana mba hamaly « ENY » an'ilay fanontaniana mipetraka. Voakasika avokoa ny asa rehetra izay mampiasa ny harena voajanahary mba hahazoana tombontsoa nefa miaro ny tontolo iainana. Mazava ho azy fa anisan'izany ny APDRA. Nazavaina tamin'ireo mpitsidika maro, izay tena liana tokoa, ny asa iandraiketan'ny APDRA sy ny fomba fiasany ary ny andraikiny manoloana ny fitandrovana ireo trondro zanatany. Azo lazaina fa naresaka tokoa ny tontolo andro. Samy nahazo ny anjarany avokoa na ny kely na ny lehibe, na ny olon-tsotra na ny ONG, na ny tontolo iainana na ny fiharin-karena.

## JOURNÉE MONDIALE DE L'ENVIRONNEMENT

Le 03 Juin 2012, la MFG Madagascar Fauna Group a célébré la journée Mondiale de l'environnement. La manifestation s'est tenue au Parc Zoologique d'Ivoloina et a été assisté par le représentant de la Direction Régionale de l'Eau et Forêt, les autorités locales, les partenaires dont l'APDRA Atsinanana, diverses associations luttant pour l'environnement ainsi que les habitants limitrophes du Parc. Au programme, il y avait les discours officiels, la participation à l'animation de quelques invités (poésie et « vakodrazana » parlant de l'environnement), suivi de la visite des stands dont celui de l'APDRA, des jeux-animations ainsi que des remises de prix pour tous les concours organisés.

Le thème de cette année était «l'Économie Verte : en faites-vous parti ?» En plus du partenariat avec la MFG, l'APDRA Atsinanana a participé aux Stands d'exposition afin de crier haut et fort « OUI » à la question posée. Car en effet, toutes activités qui utilisent des ressources naturelles afin de soutirer du profit pour après revenir à la protection de l'environnement sont toutes concernées. Effectivement, APDRA en fait partie. On a alors expliqué aux plusieurs visiteurs très intéressés nos activités, notre démarche, ainsi notre rôle dans la préservation des espèces endémiques. On peut affirmer que la journée a été très animée. Tout le monde y trouva son intérêt aussi bien les petits que les grands, les particuliers et les ONG, l'environnement et l'économie.

## VALIN'NY TENY MIRINDRA AMBOKOVOKO

| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **A** | T | R | O | N | D | R | O | | N | T |
| **B** | I | E | | | A | | N | A | | R |
| **C** | L | O | M | O | T | R | A | | N | O |
| **D** | A | | A | E | I | A | | I | | I |
| **E** | P | E | R | L | | V | A | R | | T |
| **F** | I | R | A | O | T | I | F | E | R | A |
| **G** | A | | Z | V | | N | O | O | A | |
| **H** | | T | E | | A | T | | | I | I |
| **I** | F | O | Z | A | H | O | R | A | N | A |
| **J** | A | H | I | | O | T | A | | Y | |
| **K** | | O | K | | F | O | N | I | | S |
| **L** | | | A | L | A | | O | M | B | Y |

**A: biby fiompy**
**B: manaiky - mampisafidy**
**C: maniry amin'ny mandomando**
**D: zanatsoratra**
**E: sarobidy - sakafon'ny Malagasy**
**F: sakafo trondro**
**G: zanaka vezo - ao amin'ny baiboly**
**H: maniry-hafatra tsara - zanatsoratra**
**I: fahavalon'ny trondro**
**J: tsy anao - heloka - mampitohy**
**K: eny - trondro avy any Ambatondrazaka**
**L: hazo maro- biby manana fiompy manana ny lanjany amin'ny malagasy**

----------------------------------------------

**1: trondro misy eto Madagasikara**
**2: manondro akaiky - farateny matoanteny frantsay-trondro**
**3: ampiana kely dia karazana trondro - mampamokatra voly nefa mampamokatra vary**
**4: amboleo**
**5: tononandro - tsy amidy fa**
**6: sakafo tena Malagasy**
**7: manontany (bl) - manome hafanana - toerana iveloman'ny trondro**
**8: manondro akaiky - laharana**
**9: dadany -10: trondro vahiny nefa misy eto Madagasikara**

*Vaovao tapatapany (Brèves)*

• Ny **PSA/CAADP** dia fandaharan'asa amin'ny antsipiriany ny fampiroboroboana ny famokarana aty Afrika amin'ireo firenena mikambana ao amin'ny NEPAD. Fandrindrana asam-pamokarana misy teti-bola mazava ary mikendry ny fitomboan'ny harin-karena eo amin'ny famokarana mba hampaharitra azy, hamongorana ny hanohanana ka hampihena ny tahan'ny fahantrana. Ho an'ny Madagasikara, nanomboka tamin'ny volana jiona 2012 ny fakana ny hevitra eo amin'ny famokarana laharam-pahamehan' ny faritra tsirairay. Fametrahana fijery sy tanjona mitovy no tanjona mandritra ny 5-10 taona iombonan'ireo mpisehatra rehetra (mpamokatra, ministera, ONG, sehatra tsy minakina, mpamatsy vola) mba hampiroboroboana ny famokarana. Tanteraka izany ho an'ny ankamaroan'ny Faritra, anisan'izany ireo Faritra Vakinankaratra, Analamanga, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony ary tsy ho ela ny an'ny sisa.

• Notontosaina ny 28-29 jiona teo ny atrikasa mikasika ny **paysan relais** (PR). Ny Association FERT no nikarakara ka nahitana ny federasiona mambran'ny FIFATA any amin'ny faritra ary nanasany ireo mpiara-miombon'antoka toa ny AGRISUD, SDMAD –BVPI ary ny APDRA izay efa mampihatra izany. Maro lafy ny dinika narahina adihevitra. Nofakafakaina ny fomba nisafidianana ireo PR, ny endrika isehoany, ny andraikiny , ny sakana tsy hampahomby azy ary ny vina sy ny fahafaha-maharitra eo amin'ny asa afaka hiandraiketany. Marihina fa mety ahitana ity rafitra PR ity na ny tetik'asa eo am-panatanterahana na indrindra koa ireo izay manomana ny fisitahany. Nony nifarana àry ny fotoana dia nahazo vatsy afaka ampiharina tsara ny tsirairay ka nahitana dika teny Malagasy niraisana ny PR dia ny "tantsaha fanilo"na "tantsaha mpanentana"mahasolo maharitra na anatin'ny fotoana fohy ny teknisiana, miankina amin'ny filàn'ny tantsaha mpamokatra.

• Nosokafana ofisialy ny 05 Jona 2012 ny faritra **Vohilava** izay toerana vaovao hiasan'ny APDRA Atsinanana. Tanàna iray ao anatin'ny Fokontany Antananambo, Kaominina Fanandrana izy io. Hatreto aloha dia dimy ny mpiompy trondro ao an-toerana ary miezaka izy ireo misarika ireo mpiara-monina aminy noho ny fahazotoana sy ny fiaraha-miasa matotra misy eo amin'izy ireo.

• Natao tao Antananarivo ny 16-20 may lasa teo ny **tsenaben'ny fiompiana** FEPA-andiany faha-fito. Mpiseho isaky ny roa taona eo izy ity. Ny MPE na ny Malagasy Professionnels de l'Elevage no mikarakara azy. Fotoana vitsy fihaonan'ny mpandraharaha, mpamokatra ary ny mpanodina ny vokatry ny fiompiana ny foara toy izao. Noho ny fanohanana ara-bolan'ny BVPI dia afaka nandray anjara manontolo tamin'izany foara izany niaraka tamin'ireo 30 mpandray anjara ny mpisehatra amin'ny fiompiana trondro dia ny APDRA izany. Afaka niara-nandranty tamin'ny mpiara-miasa akaiky aminy ao anatin'ny tetikasa AFD no sady mpitantana sy mpitrandraka ara-drariny ny farihy 4 ao Vakinakaratra dia ny Kaoperativa FIFIMPAVA izy tamin'izany. Nahafahan'ireto farany nanamafy orina ny fahaleovan-tena arak'asany moa ny fadraisana anjara amin'ny hetsika lehibe toy izao. Azo natolotra ny mpitsidika tamin'izany ireo fisy eknika niendrika gazety, ny famantarana mivantana ireo karaza-trondro fiompy sy ny fahavalon'izy ireny. Nanararaotra izao foara izao koa ny mpikamban'ny mpamboly vary sy mpiompy trondro MVPT avy ao Matsiatra ka nahalafo tilapia sy karpa avy any an-toerana tao anatin'ny fotoana fohy tany amin'ny 400kg tany. Nilaina tokoa ny koveta be 1000l nampirantiana ny trondro amidy. Dia isaorana be dia be ireo nanampy rehetra nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka nampahomby izany fandraisana anjara izany toy ny SAHA sy ny FOFIFA ary ny MVPT.

• Le **PSA/CAADP** est le Programme Détaillé pour le Développement de l'Agriculture Africaine des pays membres du NEPAD. C'est une stratégie de développement impulsée par une agriculture viable qui permet d'éliminer la famine, de réduire la pauvreté et l'insécurité alimentaire. Sa mise en œuvre pourrait entre autre favoriser l'expansion des exportations. Dans le cas de Madagascar, la relance des consultations régionales a débuté ce mois de juin. L'objectif de l'atelier étant d'harmoniser et d'identifier les priorités de chaque région dans le domaine agricole, ce qui constituera ensuite les priorités agricoles pour l'ensemble de Madagascar. Pour les 5 à 10 prochaines années, ce programme de développement agricole sera exécuté après la validation de la cellule centrale PSA/CAADP en Afrique. La plupart des Régions de Madagascar ont été consultées comme Vakinankaratra, Analamanga, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony. Ce sera bientôt pour le reste.

• L'atelier sur le **paysan relais** (PR) s'est déroulé le 28 et 29 juin dernier. Organisé par l'Association FERT, il a regroupé la grande famille de FERT/ FIFATA. Afin d'enrichir le débat, l'organisateur a également invité des partenaires tels AGRISUD, SDMAD –BVPI et l'APDRA qui, dans leur méthode d'intervention ont mis en place des PR en vue d'habituer ces paysans à l'exercice de la fonction de relais et de préparer, après leur départ, la pérennisation des activités. Plusieurs aspects du PR ont été débattus : l'identification des PR, leurs rôles, les types, leurs limites ainsi que les conditions de pérennisation. Notons que les PR peuvent d'émerger aussi bien dans les projets en cours ou en phase de désengagement. A la fin, chaque participant a pu tirer profit des échanges d'expériences de ces deux jours. Un nom malgache traduisant le paysan relais en « tantsaha fanilo » ou « tantsaha mpanentana » a été communément identifié qui va assurer provisoirement ou dans la durée le rôle du technicien. Ceci, en fonction des besoins locaux.

• L'ouverture officielle d'une nouvelle zone appelée **Vohilava** dans laquelle APDRA Atsinanana travaille a été faite le 05 juin 2012. C'est un village dans le Fokontany Antananambo, Commune Fanandrana. Jusqu'ici, le nombre de pisciculteurs est de cinq. Toutefois, ils font tout pour sensibiliser les autres habitants du village à faire la pisciculture car ils sont très motivés et sérieux dans ce qu'ils font.

• La **foire de l'élevage** et des productions animales FEPA –7ème Edition s'est déroulée du 16 au 20 mai 2012 à Antananarivo. C'est un évènement biannuel. Organisé par la MPE, Malagasy Professionnels de l'Elevage, c'est un carrefour de rencontre et d'échanges entre les acteurs de développement dans les domaines de l'élevage, de l'agriculture et du secteur secondaire. Grâce à l'appui financier du projet BVPI, l'APDRA pisciculture paysanne, ONG de développement dans le secteur de la pisciculture en milieu rural, faisait partie de la trentaine de participants. La coopérative FIFIMPAVA, gestionnaire des 4 lacs de Vakinankaratra et partenaire de l'APDRA dans le projet AFD a été choisie comme coparticipant à cette foire. C'est une action d'accompagnement dans la profession de ce groupement de pêcheur-pisciculteur et vendeur de poissons frais. Pendant la foire, des centaines de fiches techniques sous forme de journal ont été vendues, plusieurs espèces d'élevage ainsi que des prédateurs ont pu être exposés. D'autres acteurs rizipiscicoles comme MVPT de Haute Matsiatra ont pu exploiter cet évènement en faisant des recettes et ont pu vendre facilement dans les 400kg de poissons. Ils ont pu également profiter de la cuve 1000l pour la vente de leurs poissons. Nous adressons nos sincères remerciements à tous ceux qui ont contribué à la réussite de cette participation dont SAHA, FOFIFA et MVPT.

AMORON'I MANIA

## FIVAROTANA TRONDRO: ASA MAHAVELONA

*RAVELONORO Cécile*
*Collecteur Pêcheur*

*Anisan'ny mampalaza ny kaominina Ambondromisotra ny fisian'ny dobom-panjakana eo Antsapanana. Dobo lehibe tokoa izy io satria teo aloha dia nahatratra hatramin'ny 1000 ny isan'ny mpikambana ao raha eo amin'ny 300 eo ho eo sisa ankehitriny.*

RAVELONORO Cécile no anarako, anisan'ny mpikambana ato amin'ity VOI eto Antsena Ambondromisotra ity aho ary efa ho telo taona izay no nidirako mpikambana tao, ny mpikambana rehetra dia tsy maintsy mandoa latsakemboka 6 000Ar isan-taona, tombony amin'ny mahampikambana ahy ny fivarotako trondro vokarin'io dobo io.

Mahavelona ny fivarotana trondro satria araka ny tombatombana dia mahaangona ambim-bava eo amin'ny 100 000Ar eo aho isam-bolana akoatry ny fiantohako ny fitaovam-pianaran'ny zanako 2, ny fitafian'izy ireo ary ny sakafonay telo mianaka kely isan'andro. Izany moa dia azo avy amin'ny fahalafosana trondro eo amin'ny 4 ka hatramin'ny 8kg isan'andro eo ka 6000 ariary ny ivarotako ny kilao.

Fotoana mahasarotra ny tsena trondro aty aminay ny volana Marsa sy Aprily satria fotoam-pahavaratra hany ka atao trosa amin'ny manodidina ny trondro sisa tsy lafo. Mahatsiaro ho tena sahirana izahay rehefa mikatona ny jono ny volana Oktobra ka hatramin'ny Desambra.

Manoloana ny fanentanana ataon'ny APDRA eto amin'ny kaominina misy anay izao dia mieritreritra ny hanofa tany aho hiompiako trondro satria sady sakafo matsiro ny trondro no mampidi-bola.

## COLLECTE DE POISSON: ACTIVITE GENERATRICE DE REVENU

*Un des principaux atouts de la Commune est l'acquisition d'un étang naturel à Atsapanana. Ce dernier a été exploité et géré par 1000 personnes il y a encore peu de temps, mais ne compte maintenant plus que 300 adhérents. Ces personnes sont tous membres du VOI.*

Mon nom est RAVELONORO Cécile, j'ai 2 enfants. Je suis parmi les membres du VOI de Antsena Ambondromisotra depuis décembre 2009. Tous les membres versent une cotisation annuelle de 6.000 Ar. En échange, je peux faire partie des collecteurs des poissons produits dans cet étang.

La collecte de poisson est ma principale source de revenu. J'arrive à épargner mensuellement 100.000Ar en plus de nos besoins quotidiens. Tous les jours, j'arrive à vendre en moyenne 4 à 8kg de poisson à 6.000Ar le kilo.

La vente de poisson est plus difficile au cours du mois de Mars et Avril car c'est la période de soudure. Pendant cette période, quand la vente ne marche pas, on est obligé de faire crédit de nos produits non vendu.

La période de clôture de pêche du mois d'Octobre jusqu'au mois de Décembre est encore plus difficile.
Face aux animations que fait l'équipe de l'APDRA dans la Commune, j'envisage de louer des parcelles pour pouvoir faire de la pisciculture. La carpe est un délice en plus de l'argent.



**Cécile en train de vendre ses poissons de pêche**

## AMORON'I MANIA

*RAZANAMARO Perline*
Gargottière Hôtelière

### HOTELIN'ANTSAMPANANA

RAZANAMARO Perline no anarako? mipetraka ao Ambondromisotra, mpanao hôtely no asa fivelomako, manambady aho ary dimy ny zanako. Tsy ahafoizan'olona ny hôteliko ny laoka trondro satria isan'andro aho dia mahandro trondro eo amin'ny telo kg eo ho eo ary lany daholo izany. Ahitako tombom-barotra betsaka indrindra ny laoka trondro satria raha mividy iray kilao amin'izany aho dia mahavita sakafon'olona eo amin'ny 8 eo ka 2000Ar ny plat iray.

Ankehitriny dia resy lahatra amin'ny fanentanana ataon'ny APDRA aho ary tapa-kevitra fa tsy hijanona fotsiny amin'ny fanaovana hôtely fa hanao fiompiana trondro an-tanimbary, ny vadiko rahateo koa moa efa mpamboly ka manana tanimbary vitsivitsy ahafahana manao izany izahay. Raha mandeha tsara izany dia tsy mividy trondro amin'ny mpiantoka intsony aho fa afaka mamantsy ny hôteliko ka vao maika hitombo avo heny ny tombom-barotra azoko.

### HOTEL ANTSAMPANANA

Mon nom est RAZANAMARO Perline, j'habite Anbondromisotra, je suis une hôtelière, mariée et avec 5 enfants. La plupart de mes clients dans mon hôtel commandent du poisson. Tous les jours, j'en prépare 3 kg, et je constate que je perçois plus des bénéfices avec le poisson qu'avec les autres plats proposés : 1kg de poisson permet de faire 8 plats à 2000Ar.

Cette année, j'envisagerai de diversifier mon activité d'hôtellerie en pratiquant la rizipisciculture. La sensibilisation à cettepratique par les techniciens de l'APDRA et le fait que mon mari soit déjà en possession de rizière favorable pour ce projet m'incite à me lancer dans cette production. Si cela se réalise, on ne serait plus obliger d'acheter des poissons ailleurs, nous fournirons nous même notre hôtel en poisson et les bénéfices n'en seront que plus grands !

*RAZAFINDRAMANGA Bernadette*
Rizipiscicultrice

Ry mpamaky hajaina,

Mbola tsy sasatra ny tenako avy eto Ambodiriana Kianjandrakefina manentana antsika tantsaha rehetra hanao fiompiana trondro an-tanimbary satria tena ahazoana tombontsoa be ny fiompiana trondro an-tanimbary. Efa ho herintaona izao no nanarahako ny teknika fiompiana sy fanatavizana ary fampiterahana trondro. Hatreto aloha dia efa mba mahita vokany amin'ny fampanatavizana izahay na dia mbola tsy mivarotra aza satria tena hita tsara ny fitombony. Eo ihany koa ny hatsaran'ny fambolem-bary ary tena hita ny fiovan'ny voka-bary tamin'ny herintaona satria mifanampy ny sakafo ho an'ny trondro sy ny fanohanana zezika ho an'ny vary dia ny fanamasahana ny tany izany. Koa dia entanina isika mpamboly vary rehetra hiompy trondro fa ahazoana tombontsoa be dia be kokoa ho antsika izany. Ny voka-bary voakarakara sy voaramaso ka tena ahitana voka-tsoa. Koa dia mahereza sy mazotoa ary ry tantsaha namana rehetra, araho tsara ny teknika omen'ny mpampiofana.

Chers lecteurs,

Je suis toujours motivé à vous convaincre de pratiquer le rizipisciculture car c'est très bénéfique. Depuis un an, j'ai suivi les techniques de grossissement et d'alevinage de poisson. Jjusqu'à maintenant, on peut dire qu'on est satisfait de rendement qu'on a obtenu même si on n'a pas encore vendu sur le marché. On a constaté aussi que la pisciculture améliore la riziculture. Ils sont complémentaires avec l'apport de fertilisant. J'incite tous les riziculteurs à pratiquer la rizipisciculture car cela nous apporte beaucoup d'avantage car la riziculture est bien entretenue. Chers paysans, je vous souhaite bon travail et n'oubliez pas de suivre les conseils des techniciens.



**Mme Bernadette accompagnée de ses enfants au bord de la rizière, fière de son géniteur de carpe**

## AOKA AHO MBA HILAZA, IREO TOMBOTSOA AZO AVY AMIN'NY FIOMPIANA TRONDRO : VOLA, SAKAFO, … MANAMASAKA NY TANIM-BARY

*Ny fiompiana trondro dia hita fa misy tombotsoa*
*Na ny zana-trondro na ny vaventy, dia tafiditra ao avokoa*
*Vitan'ny trondro ireo kojakoja an-dakozia*
*Indrindra ny ekolazin'ny ankizy dia re fa mai-vana ery!*

*Raha misy manontany an'I Ngaredy hoe "Mba mihinana ve?"*
*Mihinana izahay ny fararano sy rehefa mahat-siaro indrindra fety lehibe*
*Isika rehetra koa mazotoa miompy raha te ha-hazo "vitamine"*
*Fa ny trondro dia mahasoa sy manome "Pro-teine"*

*Ny trondro sy ny vary dia mifankatia fatratra*
*Ao anaty rano sy any an-tanimbary vita tatatra*
*Ny trondro mpanamasaka ny tanimbary sy ny dobo*
*Mahazo hery koa ny vary ka indreo miroborobo*

*Etoana dia mankasitraka ny BVPI sy ny APDRA*
*Indrindra fa ny APDRA izay mitantana ny raha-raha*
*Fa ny fiofanana nomenareo dia mamy toa tan-tely*
*Ho porofon'izany: ny fahasahiranana efa miala tsikelikely*

*Tsy hay hadino ihany koa ny dia izany natao*
*Na ny tany Ankazo na ny tany Fianaratsoa*
*Ka misaotra anao Dadatoa, mankatelina ry Nenitoa*
*Ka ny fandriana mafana sy ny valala manantody no indro entinay mankatoa*

## LAISSEZ-MOI VOUS PARLER DES BÉNÉFICES TIRÉS DE LA RIZIPISCICULTURE : ARGENT, NOURRITURE, …, FERTILISATION GARANTIE DES RIZIÈRES

*La pisciculture apporte des bénéfices*
*C'est valable autant pour les alevins que pour les poissons*
*En cuisine, ce sont les poissons qui font les délices*
*Les écolages des enfants trop lourds jadis deviennent à notre portée maintenant !*

*Si l'on me demande souvent « manges-tu quand même des poissons » ?*
*Bien sûr que oui, notamment pendant les grandes fêtes et les moissons*
*Tout le monde, élevons les poissons si on ne veut pas manquer de vitamines*
*Et plus encore, ils améliorent la santé avec sa protéine*

*Les poissons et le riz font une bonne composition*
*Le confort leur y est réservé, en présence de l'étang refuge et de l'eau*
*Les poissons fertilisent les rizières et les étangs*
*Grâce à cela, le riz peut avoir un rendement plus haut*

*On ne peut alors ne pas remercier BVPI et l'APDRA*
*Surtout l'APDRA qui nous accompagne dans le tas*
*C'était comme le miel les conseils acquis*
*La preuve, les problèmes financières s'estompent petit à petit*

*Ils ont fait leurs effets les voyages d'échange*
*Que ce soit à Fianarantsoa ou Ankazo*
*Encore nos remerciements à tantine et à tonton*
*Comme on dit en malgache en souhait « le lit douillet et le criquet qui pond »*



RAKOTOMANDIMBY Alfred-
Malama Maina
CR Mandritsara
Périmètre Iandratsay
Producteur d'alevin et grossisseur en rizière

**NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO**

**Talen'ny fanoratana (Directeur de la rédaction) :** Marc Oswald
**Tonia (Rédacteur en chef) :** Rabarijaona Tsirihasina
**Mpanoratra (Rédacteurs) :** Tantsaha (Les pisciculteurs) Mpiara-miombon'antoka (Les partenaires- organismes) APDRA antenne Madagascar
**Sary (Photos) :** APDRA antenne Madagascar
**Kisarisary (Illustration) :** Razafindrakoto Christian Randria Michel
**Fanitsiana sy dika teny (Correction et traduction) :** APDRA Antenne Madagascar

*Fiompiana trondro Miaraka amin'ny tantsaha*

**APDRA**
**Pisciculture paysanne**
**Antenne Madagascar**
**La Résidence sociale**
**Antsirabe-MADAGASCAR**
**Tel : (261) (20) 44 915 85**
**(261) (20) 44 489 89**
**lvrp@apdra.org**